



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-123

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA  
NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-03-2021/PR «PORTANT  
REGLEMENT INTERIEUR SPECIAL REGISSANT LES MODALITES  
D'ORGANISATION ET DE FONCTIONNEMENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE  
PENDANT LA PERIODE DE PANDEMIE DE COVID-19 ET EN CAS DE SITUATION  
DE CRISE SANITAIRE SIMILAIRE» NATOLOTR'IREO MPIKAMBANA AO AMIN'NY  
BIRAO MAHARITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-3  
Natao ny  
Alatsinainy 10 Mey 2021  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

**FOTOANA:** Alatsinainy 10 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 10 minitra, maraina.

**FANDARAHAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR «portant Règlement Intérieur Spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» natolotr'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Alatsinainy 10 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 10 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika ny fotoana. Tamin'ny alalan'ny fivoriambe ampitain-davitra na "visio conférence" no nanaovana izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Solombavambahoaka nivory hanome ny laharany sy ny Distrika nahalany azy tsirairay avy.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Zoma faha-7 Mey 2021 tamin'ny 9 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR «portant Règlement Intérieur Spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» natolotr'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan' ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoatoa isany:

1. IDEALSON
2. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
3. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
4. PEPIN Michou
5. RABENIRINA Maminiana Solondraibe
6. RAFENOMANANTSOA Aina

7. RAKOTOMALALA Miarintsoa A
8. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
9. VELOMAHAZO Patrice
10. RAMBOASALAMA Emilien

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana :

Andriamatoa isany:

1. FIENENA Richard Désiré
2. INDRIANDRO Julien
3. RASIDIMANANA
4. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
5. RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera dia nambarany fa fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR izay mikasika ny Fitsipika Anaty Manokana mifehy ny fomba fiasan'ny Antenimierampirenena mandritr'izao fotoanan'ny valan'aretina «Covid-19» izao sy mandritry ny krizy ara-pahasalamana mitovy amin'izany no anton'ny fivoriana.

Taorian'izay, natolony avy hatrany an-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitra, izay nisolotena ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Nandritra izany no nanazavan'ity farany fa noho ny fisian'ny valan'aretina «Covid-19» izay nanomboka ny taona 2020 ka hatramin'izao sy ireo voka-dratsy ara-pahasalamana entiny ka tena mahafaty haingana tokoa ary nahalavo ireo Solombavambahoaka namana sy ny mpiasa tato amin'ny Antenimierampirenena no antony namolavolana izao rijan-teny izao.

Hisorohana ny fivorivorianana izay mifanohitra amin'ny fepetra ara-pahasalamana sy entina mampanara-dalàna ny asan'ny Antenimierampirenena amin'ny alalan'ny «visio conférence» no tanjona tiana hotrararina. Hampiasaina mandritra izao hamehana ara-pahasalamana izao sy amin'izay krizy ara-pahasalamana mitovy endrika aminy mety hiseho any aoriana no anton'izao Fitsipika izao.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory. Nivoitra nandritra izany ny hevitra ny Solombavambahoaka sasany ny amin'ny tokony hampiasana ity Tolo-pehin-kevitra ity mandritry ny valan'aretina «Covid-19» ihany ary hanesorana noho izany ny "et en cas de situation de crise sanitaire similaire" ao amin'ny lohateny. Nanamafy koa izy ny tsy tokony hanaovana ela izao fivoriana ampitain-davitra izao. Nisy tamin'ireo Solombavambohaka kosa no nanamafy fa mba tsy hanaovana Tolo-pehin-kevitra hafa raha sanatria misy valan'aretina mahazo ny Firenena dia tsara ihany ny hitazonana ny lohateny amin'izao endriny izao.

**FANAMARIHANA**

Nanamarika Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna fa amin'ny maha Fitsipika Anaty azy, aorian'ny fandania izay ataon'ny fivoriambe dia hakana fankatoavana eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ity Fehin-kevitra ity vao afaka ampiharina.

Tokony hifanaraka amin'ny fivoaran'ny valan'aretina sy ny fanapahan-kevitra horaisin'ny Fitondram-panjakana no ampiharana ny fomba fiasa arak'izao Tolo-pehin-kevitra izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandania isan'andininy ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Lohateny: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandania amin'ny ankapobeny ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato antsak'adiny ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR «portant Règlement Intérieur Spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» natolotr'ireo Birao maharitra ny Antenimierampirenena ka hoentina eny anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanamarika Ramatoa BAOFENO Micheline, fa misy diso tsipelina ao amin'ny pejy faharoa, ka tokony hahitsy; ny teny hoe krisy, krizy no marina.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, kosa nanamarika, fa lasa roa izany ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Nieritreritra ny tenany ny tokony nanakambanana ireo; kanefa rehefa nanontany ny hevitr'Andriamatoa Sekretera Jeneraly izy dia resy lahatra satria amin'izao vanim-potoan'ny «covid-19» sy amin'ny krizy toy izao ihany no ampiharana ity Fitsipika Anaty Manokana ity.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra, misolo tena ny Birao Maharitra, kosa nanipika, fa noho ny fisian'ny hamehana ara-pahasalamana no nahatonga ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra nanao ity Fitsipika Anaty Manokana ity. Hialana ihany koa amin'ny fivorivorianana be loatra. Natao izao mba hahafahan'ny Solombavambahoaka manohy ny asany araka ny voalazan'ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Izany hoe, manao ny asany amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra ny Solombavambahoaka.

Nitondra fanazavana fohy, Ramatoa Filoha, fa efa voalaza ao amin'ny «exposé des motifs» ny antony nanolorana ity Tolo-pehin-kevitra ity araka ny voalaza teo hoe: mba hialana amin'ny fivorivorianana be loatra ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nifandimby nomena fitenenana ny Solombavambahoaka, ka ireto avy izy ireo:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- RAMAHERIJAONA Hajanirina Lanto
- TSABOTOKAY Honoré
- RAFIDIMANANA Narson
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- VONINAHITSY Jean Eugène
- PEPIN Michou
- RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
- SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- NAKANY Charly Zafimagnely
- RAJAOBELINA Lova Herizo
- RAZAKANDRAINY Henri Dominique
- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc
- RAHANTANIRINA Lalao
- BAOFENO Micheline
- HENRI JEAN Michel
- RANDRIANASOLO Augustin
- RAMAROSON Bonaventure
- VELOMAHAZO Patrice
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- RAHELOHANTA Jocelyne
- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- ANDRIATAHINOMENJANAHARY Felicien
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- SATRA Augustin

- ASSIMO Bruno
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- RASIDIMANANA
- RASOAZANANER Marie Monique
- RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- ANGELE Solange
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- RANDRIANANTENAINA Antony José
- RIVOTIANA Jean Bosco
- EDZARD
- BISMARCK Mong Mann
- RABENARY Jean
- RAKOTONIRINA Jimmy Joe
- IDEALSON

Tamin'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka rehetra, marihana fa saika niompana tamin'ny zavatra efatra ny votoatin-dresak'izy ireo ankoatry ny fitaonana ny rehetra handany ity Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR «portant Règlement Intérieur Spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» natolotr'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny Antenimierampirenena ity.

Voalohany tamin'izany, mikasika ny hanatanterahana ny fihaonana mivantana (réunions en présentiel) amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mandritra ny fametrahana fanontaniana hataon'ny Solombavambahoaka na ny «questions-réponses», izay hotontosaina eny amin'ny CCI-Ivato. Eo ihany koa ny fandinihana ny Tetibolam-panjakana hasiam-panitsiana, taona 2021 na ny LFR ary ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.

Faharoa, maro koa ireo nilaza fa aleo hotanterahana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra (réunion virtuelle) ny fihaonana mba hisorohana ny fiparitahan'ny valan'aretina «covid-19» satria teny amin'ny CCI-Ivato no tena nitarika ny fahafatesan'ny Solombavambahoaka namana.

Fahatelo, momba ny fomba fiaraha-miasa amin'ny CRCO any amin'ny Faritra. Maro ny Solombavambahoaka no tsy afapo amin'ny zavatra ataon'ny mpikambana amin'izany rafitra izany, indrindra fa ny Governoran'ny Faritra. Tsy antsoina sy tsy ampahafantarina ny zava-misy marina ny Solombavambahoaka rehefa hivory sy handray fanapahan-kevitra io rafitra io.

Fahaefatra, mikasika ny tokony hanaovana vaksiny ny Solombavambahoaka alohan'ny fihaonana mivantana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Raha idirana amin'ny ankapobeny ny fanehoan-kevitra nandritra ny fivoriana dia toy izao manarakana izao.

Nanambara Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa izy no Solombavambahoaka voalohany voan'ny "coronavirus" tamin'ny fanatrehana fivoriana teny amin'ny CCI-Ivato, saingy tafavoaka soa aman-tsara tamin'izany aretina izany ny tenany. Noho izany antony izany, tsy hanatrika ny fivoriana hatao eny ny tenany.

Nanamafy izany koa Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa teny an-toerana no nahazoan'ny Solombavambahoaka io valan'aretina io ary niaraha-nahita, fa nisy namana namoy ny ainy mihitsy vokat'izany. Izany hoe, tsy afaka ny hamonjy fivoriana eny Ivato ny tenany.

Nanamarika koa Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, fa hatramin'ny nisian'ity valan'aretina ity, olona miisa 6 akaiky azy no nindaosin'ny fahafatesana hatramin'izao. Aretina tsy hita maso izy ity, ka aleo mitandrina. Notsindriany koa, fa tsy handeha hanatrika ny fivoriana iraisam-pirenena hatao any Afrika Atsimo ny tenany na dia Filohan'ny Vaomiera izay ahitana delegasiona miisa 25 aza satria matahotra ny fifaneraserana be loatra mba hialana amin'ny fahatesana. Izany hoe, tsy hanatrika ny fivoriana hatao eny amin'ny CCI-Ivato izy fa tokony hatao amin'ny alalan'ny "visio conférence" toy ny an'ny "conférence Panafricaine" izany.

Ramatoa ANGELE Solange kosa nilaza fa mbola eo ampitsaboana tena izy, ka marefo ny fahasalamany, ka nitaona ny namana mba hampihatra ny fivoriana amin'ny alalan'ny "visio conférence" hiarovana ny fahasalaman'ny tsirairay.

Ankilan'izany, nisy ireo Solombavambahoaka nanindry, fa aleo hatao mivantana ny fivoriana eny amin'ny CCI-Ivato satria zava-dehibe ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta noho ny raharaham-pirenena. Anisan'ny nanambara izany, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta satria tsy mety raha tsy mifanatrika amin'ny fandinihana ny LFR sy ny fanatanterahana ny fifidiana ny Filoha Lefitra.

Nanamafy izany Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa aleo atao "présentiel" ny fanatontsoana ireo fivoriana ireo araka ny efa tapaka tamin'ny fivoriana farany.

Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely indray nanambara fa ilaina mihitsy ny fivoriana mivantana satria sao lazain'ny vahoaka fa tsy miasa ny olona nofidiany hisolotena azy amin'ny raharaham-pirenena.

Nitondra ny tenin'ny mpianatra amin'ny ambaratonga ambony koa izy amin'ny tokony hanampiana azy ireo amin'izao toe-java-misy izao. Ny antony, maro ny Raiaman-dreny no sahirana ka tsy afaka miantoka azy ireo intsony.

Fanampin'izay, inona no mahatonga ny fanjakana manao ankilabao ny olona nahavita fianarana avy any amin'ny Faritra rehefa mitady asa. Izany hoe, tsy raisina izy ireo.

Momba ny rafitra CRCO indray, nisy ireo Solombavambahoaka nitaraina mikasika azy io araka ny voalaza tetsy ambony. Anisan'izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson: tsapa hoy izy, fa tsy mbola mpikambana amin'io rafitra io ny Solombavambahoaka hatramin'izao kanefa tokony handray anjara amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ao aminy. Ohatra amin'izany ny Faritra Vakinankaratra.

Ramatoa BAOFENO Micheline kosa nanamafy ny fahasahiranana misy amin'ny fiaraha-miasa amin'ny CRCO satria na efa nampanandrenesina aza ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Governora, raha ny Faritra Vatovavy Fitovinany no jerena dia ny CRCO any Manakara ihany no mandray fanapahan-kevitra, fa ny Solombavambahoaka, tsy raharahiana mihitsy.

Nanamarika Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tokony efa ho mpikambana amin'io rafitra io ny Solombavambahoaka, ka tsy hailikilika tahaka izany satria fiainam-pirenena no atrehina. Noho izany, miangavy amin'ny fivoriana manaraka, ny hijerena manokana ny momba ny faritra "grand Sud-Est" raha azo atao.

Ramatoa ANGELE Solange indray nanipika, fa tsy miditra lalina momba ny rafitra CRCO ny tenany, fa ny "assistant parlementaire"-ny no alefany mamonjy fivoriana any satria sao manimba azy manoloana ny vahoaka soloany tena raha manao izany izy.

Etsy andanin'izany, tsy manana olana mikasika io rafitra CRCO io kosa ny Solombavambahoaka hafa, toa an'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, izay nampirisika ny namany hanatevina izany.

Ho an'ireo Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Faritra Amoron'i Mania indray, nanamafy izy ireo fa tsy misy olana ho azy ireo ny fomba fiasan'io rafitra CRCO io satria tena miara-miasa akaiky aminy ny Governoran'ny Faritra.

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao kosa, nanambara fa na antsoina na tsia ny tenany, izy mivantana no mandeha manatrika ny fivoriana amin'io rafitra io. Izany hoe, tsy manana olana amin'ny fisian'ny CRCO any amin'ny Faritra misy azy izy.

Momba ny resaka fanaovana vaksiny ny Solombavambahoaka indray, nanamarika Andriamatoa SATRA Augustin, fa tsy terena ny fanaovana vaksiny miaro amin'ny "covid-19", aleo samy manana ny safidiny na hanao izany na tsia ny Solombavambahoaka tsirairay saingy tokony handray fepetra amin'ny fiarovan-tena.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, kosa nanamarika fa tokony hatao vaksiny mialoha ny Solombavambahoaka satria efa tapaka ny hanaovana fivoriana eny amin'ny CCI-Ivato, amin'izay voaaro ny mpivory. Vonona ny tenany amin'ny hanaovana vaksiny azy.

Nanamafy ny tenin'ny nanamy teo aloha Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa ny Solombavambahoaka no tokony hatao vaksiny voalohany, izay vao miatrika ny fivoriana eny Ivato. Vonona ny hanao izany koa ny tenany.

Ramatoa ANGELE Solange indray, nanindry ny tsy hanao vaksiny, fa aleo ho an'ny vahoaka izany satria tsy mety amin'ny fahasalamany. Ny antony, mbola vao avy voan'ny "covid-19" ny tenany, ka sao hisy fiantraikany aminy.

Tsy fanaovana vaksiny kosa ny an'Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, fa ny famatsiana CVO+ no nangatahany tamin'ny fitondram-panjakana.



Rehefa nandray fitenena Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera dia toy izao no nambarany: Raha mikasika ny fampiharana ny “visio conférence”, efa nandalo antanan-tohatra ny fandinihana azy; izany hoe teo anatrehan’ny Birao Maharitra ary lanin’ny Solombavambahoaka tamin’ny fivoriambe ihany koa. Noho izany, tsy tokony hanaovana adihevitra intsony.

Momba ny “réunion présenteielle” kosa, araka ny voalaza amin’izao fahamehana ara-pahasalamana izao, tsy tokony hihoatra ny 50 ny isan’ny Solombavambahoaka mivory.

Mikasika ny vaksiny dia ny fanjakana Malagasy ny manafatra azy, ka izy no mahalala ny olona tokony hisitraka izany voalohany.

Olom-boafidy isika, mitovy amin’ny “commandant de bord”, ka raha misy zava-miseho; isika no tokony hiala farany ao anaty sambo. Ny tiana holazaina, ny vahoaka no heverina fa tokony hisitraka izany alohantsika; saingy ny fanjakana no mandray fanapahan-kevitra momba izany.

Farany, ilaina ny fahatokisan’ny Solombavambahoaka ny Birao Maharitra satria zavatra efa voadinika no naroso ho antsika raha ity Tolo-pehin-kevitra ity no resahana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel indray, raha nandray fitenenana, fitaonana ny Solombavambahoaka handany ny Tolo-pehin-kevitra no nataony voalohany.

Fanazavana no nentiny taorian’izay, ka toy izao izany: raha mikasika ny fanatontosana ny “session virtuelle” amin’izao fivoriana ara-potoana izao, mba hialana amin’ny ahiahy mipetraka, volan’ny Antenimierampirenena no ampiasaina amin’izany, fa tsy volan’ny Minisitera hafa.

Amin’ny fivoriana tsy ara-potoana kosa, volan’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no anatanterahana azy. Izy no miantoka ny lany amin’izay fotoana izay.

Momba ny resaka “connexion”, raha ny fitantanam-bola, mbola zakan’ny tetibolan’ny Antenimierampirenena ny DATA. Raha ohatra ka mandany 100 Go ny Solombavambahoaka tsirairay, rehefa totaliana, eo amin’ny 30 Tapitrisa Ariary eo ny vola lany. Izany hoe, mbola zakan’ny tetibolantsika izay.

Mikasika ny “frais de déplacement aller”, aleo tsy iverenana intsony ny zavatra efa tapaka, fa amin’ny herinandro dia halefa aminareo Solombavambahoaka izany vola izany.

Raha ny resaka “réunion présenteielle”, tsy tokony hatao ambanin-javata ny fahasalamana, fa ny fanatsarana ny «visio conférence» no hataontsika. Izany hoe, tsy mankasitraka ny fanaovana “réunion présenteielle” ny tenany satria teny amin’ny CCI-Ivato no nahazoan’ny namantsika ny aretina “covid-19” ka namoizany ny ainy. Miangavy ny hanohizana ny “réunion virtuelle” ary araka ny voalaza teo, fa fanatsarana ny “connexion” no hatao. Ambara amintsika koa, fa ambony ny taha mety hahazoan’ny Filohan’ny Antenimierampirenena, ny Kestora miisa roa sy ny namana hafa ny aretina “covid-19” satria maro ny antontan-taratasy kirakiraina.

Momba ny karaman’ny Solombavambahoaka, mijanona amin’ny efa nanamboarana azy izany ny amin’ity volana ity satria raha izao vao kitihina dia miteraka fahatarana izany; fa hanaovana “rappel” amin’ny volana manaraka kosa ireo tsy fahampiana.

Taorian'izay, nandray fitenenana Ramatoa Filoha; nambarany tamin'izany, fa voaray ny hetahetan'ny Solombavambahoaka momba ny fomba anatanterahana ny fivoriana ampitain-davitra, toy ny faharatsian'ny "connexion", ny tsy fahatongavan'ny DATA ara-dalàna, ny fangatahana "box 4G". Izany hoe, hitondrana fanatsarana ny "réunion virtuelle" ataon'ny Solombavambahoaka.

Momba ny tombotsoa efa ananan'izy ireo kosa, nilaza Ramatoa Filoha, fa efa mikarakara izany ary toy ny fanatrehana fivoriana mivantana ihany ny fanomezana azy. Izany hoe, mitohy ny fahazoana izany na amin'ny alalan'ny "visio conférence" aza ny fivoriana atao.

Mikasika ny rafitra CRCO indray, raha ny marina, hoy Ramatoa Filoha, "membre d'office" amin'izany ny Solombavambahoaka, ka tokony hifanatona amin'ny tomponandraikitra mba hamahana ny olana. Fanampin'izay, "conseiller d'office"-n'ny Governora koa ny Solombavambahoaka, ka izay no ilana ny fifampiresahana eny anivon'ny Faritra satria raharaham-pirenena no atrehina.

Talohan'ny handraisana fanapahan-kevitra, nomena fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera, raha manan-kolazaina mikasika ny Tolo-pehin-kevitra. Tsy nisy nanan-kambara anefa izy rehetra.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny momba ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

**Lohateny:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Lohateny.

**Famelabelarana ny antonantony:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andininy voalohany:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany.

**Andininy faha-2:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2.

**Andininy faha-3:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-3.

**Andininy faha-4:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4.

**Andininy faha-5:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5.

**Andininy faha-6:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6.

**Andininy faha-7:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-7.

**Andininy faha-8:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-8.

**Andininy faha-9:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-9.

**Andininy faha-10:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10.

**Andininy faha-11:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

**Andininy faha-12:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; 5 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-12.

Marihana, fa tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara nandritra ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory. Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany; 2 no nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 8 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dramatoa Filoha, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2021/PR «portant Règlement Intérieur Spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» natolotr'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny Antenimierampirenena.

Tsy nanan-kambara ny solotenan'ny Birao Maharitra, taorian'ny fandania ny Tolo-pehin-kevitra, rehefa nomena fitenenana.

Nandray fitenenana, Ramatoa Filoha, rehefa izany fa halefa any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ity Tolo-pehin-kevitra vao avy nolaniana ity, mba hiandrasan'ny Antenimierampirenena izay didy havoakany raha mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana na tsia ny rijan-teny ao anatiny. Noho izany, iangaviana ny HCC mba handray fanapahan-kevitra haingana hahafahana miasa avy hatrany.

Raha momba ny fifidianana ny ho Filoha Lefitra, ny «huis clos», ny fandinihana ny LFR ho an'ny taona 2021, ny «Questions-réponses»; efa tapaka tamin'ny fivoriana teo aloha iny, ka tsy tokony hasiana resaka intsony satria ny besinimaro no nandany izany.

Lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena, ka ny fanapahan-kevitra izay efa vitan'ny daholobe tsy tokony hasiana teny indray. Ny antony, tsy tiako hiverina amiko intsony ny zavatra nahazo ahy tamin'ny fitondran'ny HVM, hoy Ramatoa Filoha.

Mikasika ny fanatsarana hatao amin'ny «visio conférence» kosa, nomarihany fa ny Tale Teknika ato amin'ny Antenimierampirenena no hiandraikitra ny fanatanterahana izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, rahampitso Talata 11 Mey 2021 amin'ny 10 ora, maraina.

Niato tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona